Vavaka ho fanomanana ny Kôngresy Nasionaly faha-9, MCCP 2025

Andriamanitra Ray be fitiavana ô,

Misaotra Anao izahay noho ny fiantsoanao anay ho mpiandraikitra sy mpanapakevitra kristianina, mpitondra fanantenana eo amin'ny fiarahamonina sy ny Eglizy.

Tantano ny dianay hanomana amim-pahamendrehana sy amin'ny fo feno fitiavana ity Kôngresy Nasionaly 2025 ity.

Aoka ny Fanahinao Masina hitarika sy hanazava amin'ny fanapahan-kevitra izay horaisinay sy ny asa rehetra hankininao aminay.

Omeo anay koa ny herim-po sy ny faharetana hiatrika ireo fanamby amin'izao vanimpotoana iainanay izao.

Tariho izahay rehetra, manolotena hanara-dia Anao sy ho irakao, mba ho feno fahavononana sy fanetrentena.

Tantano ny fihaonana sy ny fivoriana rehetra izay karakarainay.

Tariho lalana ireo mpikarakara sy ireo mpandray anjara avy amin'ny lafivalon'ny Nosy, ka samy mba ho vonona sy ho vanona avokoa anie izahay rehetra miaraka amin'ny Eglizinao masina.

Izany rehetra izany no angatahinay amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tomponay.

Amen.

Rainay any an-danitra…

Arahaba ry Maria...

Voninahitra anie…

Md Joany Paoly faha-2 *(mivavaha ho anay)*

Md Ignasy avy any Loyola *(mivavaha ho anay)*

Ry Fo Masin'i Jesoa *(matoky anao zahay)*